**FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA**

------------------------

## FAMPITANA MIKASIKA NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, amin'ny maha-fitsarana mahefa mikasika ny fifidianana azy, dia mampatsiahy an'ireo kandidà sy ireo komity mpanohana, ireo manam-pahefana mpanatanteraka, ireo tompon'andraiki-panjakana isan-tsokajiny ary ny vahoaka malagasy fa :

- Ny andininy fahadimy, andalana voalohany amin'ny Lalam-panorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia manambara fa : *« Ny vahoaka izay ipoiran'ny fahefana rehetra no masi-mandidy ka mampiasa izany amin'ny alàlan'ny solon-tenany izay lany tamin'ny alàlan'ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara mivantana na tsy mivantana, na koa amin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka. Tsy misy mihitsy ampahany amin'ny vahoaka, na olon-tokana mahazo manendry tena hampiasa izany fahefana feno izany (…) »*
- Araka ny andininy faha 10 ny Lalàmpanorenana : *« Ny fahalalahana maneho hevitra sy miteny, ny fahalalahana eo amin'ny fifandraisana, ny fahalalahana manao gazety, ny fahalalahana hiditra aminà fikambanana na hanorina fikambanana, ny fahalalahana hivory malalaka, ny fahalalahana mivezivezy, ny fahalalahana amin'ny fieritreretana sy amin'ny finoana dia samy iantohana ho an'ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe ho fanajana ny fahalalahana sy ny zon'ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka, ny fahamendrehan'ny firenena ary ny filaminan'ny Fanjakàna.»*
- Ny fampielezan-kevitra dia fehezin'ny andininy faha-55 hatramin'ny faha-119 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 may 2018 anaovana ny fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka
- Ny fitandroan'ny sampan-draharaham-panjakàna ny tsy fitanilàna sy ny tsy fombana ny atsy na ny aroa mandritry ny fotoan'ny fampielezan-kevitra dia antoky ny fahombiazan'ny zotram—pifidianana amin'izao fotoana izao ary koa ho fanajàna ny voalazan'ny andininy faha-39 amin'ny Lalam-panorenana
- Ny famatsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra dia tokony atao ao anatin'ny fanajana ny didy aman-dalàna manan-kery mifandraika amin'ny fangaraharana, ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny kolikoly
- Ny kandidà tsirairay dia tokony manendry mpitahiry volan'ny fampielezan-kevitra, hitantana ny kaonty araka ny voalazan'ireo rijan-teny ao amin'ny andininy faha 65 hatramin'ny faha 91 an'io lalàna fehizoro voalaza etsy ambony io, ary handefa izany kaonty izany any amin'ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola ny fiainana ara-politika
- Ny fivoriana am-pahibemaso, ny diabe sy ireo famorian-bahoaka mikasika ny fifidianana dia malalaka, saingy ilaina ny fanambarana an-tsoratra mialoha izay alefa any amin'ny solon-tenam-panjakana mahefa eo amin'ny toerana voakasika mba

ahafahany mijery mialoha ireo toerana an-kalamanjana afaka mandray izany fihetsiketsehana izany mba ahafahana miantoka ny fitovian'ireo kandidà ho fampanajàna ny andininy faha-97 amin'ny lalàna fehizoro anaovana ny fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka
- Ny zon'ny mpilatsaka hofidiana na ireo mpanohana azy hiditra amin'ireo haino aman-jery miankina amin'ny fanjakana dia tokony hanaraka ny sy manaja hatrany ny fenitry ny fitoviana sy ny tsy fitanilàna ho fanatanterahana ny voalazan'ny andininy faha -110 hatramin'ny faha-112 amin'ny lalàna fehizoro anaovana ny fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka
- Ny tsy fanajana ireo rijan-tenin-dàlana manan-kery ireo dia mety mitarika fanalana an-daharana ny kandidà, fanafoanana amin'ny ampahany na manontolo ireo vato azon'ny kandida na fanafoanana ny raharaham-pifidianana ao anatin'ny biraom-pifidianana iray, avy amin'ireo mpitasara mahefa ny fifidianana araka ny andininy faha—208 sy ny manaraka ao amin'ny lalàna fehizoro anaovana ny fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia miantso ireo manam-pahefana mpanatanteraka sy ireo tompon'andraiki-panjakana any amin'ny Ministera sy ny Andrimpanjakana, voakasiky ny fifidianana mba hitandro an-tsakany sy an-davany ny fampiharana ireo didy aman-dalàna manan-kery mikasika ny fifidianana mba ahafahana miantoka ny ny fitovian'ny lentan'ireo kandidà rehetra.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana dia manasa manokana ny vahoaka malagasy mba haneho ny maha-masi-mandidy azy amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana araka izay voalazan'ny andininy faha-5 amin'ny Lalam-panorenana.

*Antananarivo faha-09 oktobra 2023*